Ny Tetikasa MRPA dia nanampy betsaka ny mponina mpikambana ao anatin'ny VOI amin'ny alalan'ny fiofanana izay notanterahan'ny Asity mba hanatsarana ny fidiram-bola sy fari-piainan'ny tsirairay ato amin'ny Complexe Mahavavy Kikony



Fitsidihana ho fanomezam-boninahitra ny Ampanjakan'i Marambitsy



Lehiben'i Distrikan'i Mitsinjo makasitraka ny vokatra azo avy amin'ny Rafia



Fivoriana niarahana tamin'ny VOI sy Fikambanam-behivavy teo Tanambao V - Benetsy

TETSY SY TEROA
Tomban'ezaka ny zava-bita tao amin'ny Faritra Arovana Vaovao ao amin'ny Complexe Mahavavy Kikony



Fitsidihana ny Lac KiKony sady nijery ny voro faly



Fanaovana sira velon-tenan'ny VOI ao Boeny Aranta



Fivoriana niarahana tamin'ny mponin'i Boeny Aranta

nisy ny fitsidihana ny : Ampanjakan'i Marambitsy, ny Lehiben'ny Ala, ny Lehiben'ny Distrikan'i Mitsinjo mba ho fanomezam-boninahitra ireo tompon'andraikitra ireo.

Amin'ny maha andriambavilanitra ny Ampanjaka dia tsy nisalasala ny mpilatsaka an-tsitrabo avy amin'ny firenena mikambana nanontany azy ny amin'ny anjara toeran'ny vehivavy ato amin'ny faritra Marambitsy.

Nisy ny fitsidihana ireo VOI sy fikambanan'ny Dina ary ny fikambanam-behivavy izay mivelona amin'ny asa tanana amin'ny alalan'ny akora izay tandrahana ao anatin'ny faritra arovana, ohatra amin'ny izany ny vokatrazo avy amin'ny RAFIA izay nahazo fiofanana avy amin'ny Asity izay ny tetik'asa MRPA no mpanohana amin'ny fanatanterahana izany.

Tamin'ny tafa nifanaovana tamin'ny vahoaka ifotony dia maro ny zavatra mampitaraina ireo fikambanana tsirairay, tsy fahitana lalam-barotra amin'ny asa tanana izay vokarina, tsy fahampian'ny teknikam-pambolena, izay hita fa fotom-piveloman'ny mponina ao amin'ny Distrikan' i Mitsinjo, olana eo amin'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra.




Ny mpilatsaka antsitrabo ny firenena mikambana manadihady ny anjara-toeran'ny vehivavy ato CMK



Fitaovana avy amin'ny MRPA hoan'ny VNA/POLISINN'ALA



VAOFITENY MOMBA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO



Fotodraha maneran-tany ny fiovan'ny toetrandro ankehitriny. Tsy mikely soroka ny firenena tsirairay avy amin'ny ady amin'izany fiovan'ny toetrandro izany.

Raha i Madagasikara no jerena dia anisan'ireo firenena tena marefo tokoa izy amin'ny mahanosy azy. Araka izany dia maro ireo pôlitika sy drafitrana fanalefahana sy fampifanarahana amin'ny fiovan'ny toetrandro novolavolain'ny Fanjakana malagasy ary efa maro ihany koa ireo tetikasa sy lahasa mifandraika amin'izany.

Mba hanamora ny fandraisan'ny sarambabembahoaka ny resaka fiovan'ny toetrandro izay fantatra fa resaka sarotra dia namokatra fitaovana iray ny Ofisi-pirenena ho an'ny tontolo iainana na ny Office National pour l'Environnement (ONE), dia ny «Vaofiteny momba ny fiovan'ny toetrandro»

Novokarina indrindra koa io fitaovana io dia mba hanampiana ireo teknisiana sy mpahairaha momba ny toetrandro isan-tokony eo amin'ny asa fanentanana sy fanabeazana na ary ny fampitan-kevitra izay sahanin'izy ireo. Nifarimbona tamin'ny fanatontosana ity fitaovana ity ireo mpikambana ao amin'ny « kômissiona manokana misahana ny fiovan'ny toetrandro » antsoina hoe Groupe thématique sur le changement climatique (GT-CC) eto Madagasikara izay ivondronan'ny teknisiana avy amin'ny sehatrasa maro (tontolo iainana, fandinihana ny toetry ny andro, fambolena sy fiompiana ary jono, fiarovana sy fitahirizana ny biôdiversite, fitantanana ireo loza sy antambo ateraky ny fiovan'ny toetrandro, rano sy angovo, sns).

Ireo teny iditra ao anatin'ity vaofiteny ity dia mety tsy nahasahana ireo teny rehetra tiana hananana dikany amin'ny teny malagasy saingy irarianay indrindra ny sosokevitra na teny vao azon'ny olon-tsotra na ny mpandraharaha isan-tseahatra atolotrareo mba hanamorana hatrany ny fampitan-kevitra sy ny fanentanana ary fanabeazana momba ny fiovan'ny toetrandro, ary ihany koa amin'ny fanabeazam-boho ny teny malagasy.

Isaorana ny Foibe momba ny teny an'ny Akademia malagasy nitondra ny traikafany tamin'ny fanaovana ny dikateny ary eo ihany koa ny Coopération allemande/PGM-E/GIZ sy ny WWF/Norad izay nahanana ara-bola tamin'ny fanatanterahana ny asa sy ny fanontana ho boky ny vaofiteny.

Source ONE Sitrany Tontolo

Andriamatoa ANDRE JAOMAZAVA

LEHIBEN'NY ALA AO AMIN'NY DISITRIKAN'I MITSINJO

ST : Misaotra anao Andriamatoa Lehiben'ny Ala nanaiky ho vahinin'ny Sitrano ny Tontol. Mba azonao azavaina amin'ny mpamaky antsika ve izany andraikitra sahanin'ny lehiben'ny Ala izany ?



Izy no André JAOMAZAVA

AJ : Ny andraikity ny lehiben'ny Ala dia solotenan'ny lehiben'ny sampan-draharahan-paritry ny Tontolo Iainana sy Ekolojia ary ny Ala eo anivon'ny Distrika. Ny lehiben'ny Ala dia officier de police judiciaire (OPJ) izany hoe tompon'andraikitra voalohany, ny lehiben'ny Ala, mahakasika ny fanaraha-maso ifotony ny fampiharana ny lalàna mifehy ny ala, ny fanatanterahana ny andraikity ny DREEF mahakasika ny tontolo iainana, ny ekolojia, eo anivon'ny Distrika misy azy. Ohatra, ny ahy manokana dia izaho no solotenan'ny lehiben'ny Sampan-draharahan'ny ny Tontolo Iainana sy Ekolojia ary ny Ala ato amin'ny Faritra Boeny eto amin'i Disitrikan'i Mitsinjo.

ST : Inona avy ireo asa sahanin'ny Lehiben'ny Ala ato amin'ny Disitrikan'i Mitsinjo ?

AJ : Tsara ny mampahafantatra antsika mpamaky ny Sitrano ny Tontolo fa ato anatin'ny Distrikan'i Mitsinjo, izay ato anatin'ny Faritra Boeny, dia ahitana Kominina 07. Izaho no misahana na solotenan'ny lehiben'ny Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy Ekolojia ary ny Ala amin'ireo Kominina 07 ireo eto anivon'ny Disitrikan'i Mitsinjo. Anisan'ny andraikitra goavana amin'izany ohatra ny mahakasika ny Ala : Fanarahamaso ny fadikan-dalana, ny fahazoan-dalana hitrandraka, ny fanomezan-dalana amin'ny fivezivezena, ny fanofanana ireo vondron'olona ifotony sy ny Vaomieran'ny Ala mahakasika ny fitantanana ny ala sy ny fanaovana ny tatamotro. Eo amin'ny resaka tontolo iainana dia andraikitra ny manentana ny vondron'olona, ny mponina isan'ambaratongany eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fikajiana izany. Manan-karena ara-javaboahary an-tanety, an-dranomamy, an-dranomasina ny ato amin'ny Disitrikan'ny Mitsinjo, isan'ireo ny voro faly, ny voron-drano, ny hazo Komanga, ny Rafia, ny Satrana, Ny Hazan-drano, ny Honko, ... sns. Ny fampahafantarana ny zava-tsoa sy ny fiarovana azy ireo dia tena andraikitra eto anivon'ny Distrika.

ST : Amin'izany andraikitra mavesatra iantsorohanao izany, misy ve ny olana ?

AJ : Toy ny asa rehetra dia misy tokoa ny olana, nefa ny tenako moa tompon'andraikitra ety ifontony dia anjarako ny mamaha izany ary miezaka manao tatitra any amin'ny lehibeko. Eo ihany koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny solotenan'ny sampan-draharaha isan-tsokajiny eto anivon'ny Distrika izay hitako fa tena mamaha olona ety ifotony.

ST : Inona ny hafatra tianao ampitaina amin'ny mpamaky antsika :

AJ : Ho ahy manokana dia tiako no mampahafantatra antsika fa endrika iray hitarafana ny fandrosoana eo anivon'ny faritra na toerana iray ny fiarovana ny tontolo iainana, tafiditra ao anatin'izany ny Ala sy ireo zavamanan'aina mive-lona ao anatin'ny, koa eto aho dia manentana antsika tompon'andraikitra isan-tsokajiny eny fa ireo olon-tsotra mba hanaja sy hanarina ny tontolo iainana misy eto amin'ny Nosy, tsy ambanin'izany ny ato anatin'ny Distrikan'i Mitsinjo.



Kanjic

**FANABEAZANA ARA-TONTOLO IAINANA:
FANALAHIDIN'NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA**

NY FIFANDRAISAN'NY OLOMBELONA AMIN'NY ZABABOAHARY



Azo ambara fa fifamenoana no endrim-pifandraisana misy eo amin'ny samy zava-boahary. Misongadina kokoa anefa ny eo amin'ny Olombelona, ny biby ary ny zava-maniry.

Addidin'olombelona ny miahy sy mikolo ary mitantana ny biby sy ny zava-maniry eto an-tany. Ny biby sy ny zava-maniry kosa no anovozan' ny olombelona ny filàny amin'ny andavan'androm-piainany iray manontolo.

Ny olombelona no ivon'ny tontolo iainana noho izy natao hifehy sy hitantana ny natiora. Misy karazany maro anefa ny endrika isehoan'ny fifandraisana sy ny fifamenoana eo amin'ny olombelona sy ny natiora. Ohatra amin'izany: azo ampiasaina amin'ny fanatanteraha ny fomban-drazana, atao sakafo, hanamboarana fitaovana toy ny trano ny zava-maniry, ampiasain'olombelona atao fanafody.

Endrika isehoan'ny fifandraisana:

Ny fahitan'ny olombelona ny zavaboahary no hivoizany sy hanihoany foto-kevitra.

- Fahatahorana: ny fahafantarany olombelona fa misy ny biby na zava-maniry izay mitahy azy no mitarika ny fisian'ireny toerana fady maro samihafa ireny. Ho lasa faritra voaaro ho azy ireny



- Fihavanana: ireny fangataham-pitahiana amin'ny endriny maro ireny dia midika ho fihavanantsika amin'ny zavaboahary hafa manodidina antsika olombelona; ary fikajiana no hita taratra amin'izany fihavanana izany

- Fandrobana: ny filàntsika ireo harena voajanahary izay ampiasaintsika amin'ny fianantsika amin'ny fiainana andavanandro dia matetika lasa miendrika fandrobana raha toa ka tsy voahevitra ny fikirakirana sy ny fitrandrahana azy

Ny olombelona sy ny kolontsaina:

Ny kolontsaina dia ireo soatoavina, ireo fomba fijery sy fomba fanao izay hifandovan'ny eo amin'ny vondron'olona na firenena iray izay entina hametrahana rindra-damina ka lasa fomba amam-panao ary hajaina.



Misy karazany maro ny kolontsaina: mozika, lalao isan-karazany, fomba fiteny, fivavahana, sy fomba fiainana amin'ny ankapobeny mihitsy.

Amin'ny ankapobeny dia ireo no mitarika kolontsaina eo amin'ny olombelona



Ny olombelona sy ny fihariana:

Amin'ny ankapobeny, ny tontolom-piharian'ny olombelona dia mifaningotra amin'ny zavaboahary manodidina azy, izany hoe ny tany, ny rano, ny rivotra. Matetika dia ireto sehatra manaraka ireto no hita fa asa fototra raha ny eto Madagaskara no jerena.

Ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono:

Ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono no fototry ny seha-pihariana ary mampiasa olona betsaka indrindra eto Madagaskara. Noho izany, raha te handroso i Madagaskara dia ny tontolo ambanivohitra no tsinjoviny voalohany. Raha ny vokatry ny fanadihadiana maro natao mantsy dia miasa eo amin'ireo sehatra ireo avokoa ny 80%-n'ny Malagasy. Any amin'ny tontolo ambanivohitra anefa no ahitana ny ankamaroan'ireo Malagasy mahantra sy fadiranovana.



Ny asa Tanana: dia fikirakirana sy famadihana ireo akora fototra azo avy amin'ny zava-boahary (zava-maniry, biby, vato...) hanana endrika vaovao araka izay ilàna azy, ho lasa fitaovana, fitafiana, haingon-trano, sns. Ireo vokatry dia amidy amin'ny Malagasy na ihany koa ho an'ireo vahiny izay mandalo mitsidika an'i Madagaskara. Ny asa Tanana ihany koa dia anehoana kolontsaina izay tena isan'ny kolontsaintsika Malagasy sy mampiavaka antsika ny asa tanana maro isan-karazany

Ny olombelona dia tsy afaka misaraka amin'ny fambolena, fiompiana ary ny jono satria io fototry ny fivelomany na ara-tsakafo izany na ho fiharian-karena izay entina ampitomboana ny eo am-pe-latanana, hanatsarana ny fiainana andavanandro amin'ny lafiny rehetra.

- **Ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany:** Ny atao hoe harena an-kibon'ny tany dia ireo harena voajanahary tsy miaina izay hita eny amin'ny natiora eny, rah any marimarina kokoa dia any ambany tany no ahitana azy, ary tsy azo havaozina izy ireo. Oh: volamena, vatsoa isan-karazany, solitany, fasimainty, ...

Voalaza ombieny ombieny fa manan-karena i Madagaskara raha ny harena an-kibon'ny tany no resahina; ary maro ireo mpandraharaha avy any ivelany no mamapiasa ny volany eto Madagaskara entina hitrandrahana ireo harena eto amintsika ireo.

Inona ary izany no tokony hataon'ny tsirairay mba hahatsara sy hampaharitra izany fifandraisana izany?



Mba hitsinjovantsika ny ampitso sy izay mbola mety ho filantsika amin'ny ho avy rehetra dia izay ilaintsika ihany no tokony alaina. Mila fantarintsika aloha ny toe-toetry ny manodidina antsika. Kajantsika izay mety tsy halalany tamingana an'ireo harena voajanahary manodidina antsika ka ho azontsika sy ireo taranaka ho avy ampiasaina hatrany.

Noho izany, mila mandanjalanja hatrany isika isaky ny misy fihetsika ataontsika. Mila mahafantatra ny karazana akora sy ny fatra sahaza isika rehefa mitrandraka ireo harena voajanahary manodidina antsika. Oh : raha asa tanana no ataonao dia izay akora fototra hanaovana izay rary izay ihany no alaina eny amin'ny natiora ary izay sahaizantsika ihany no tokony ihotazana mba tsy ho very fotsiny ireo akora izay tsy ampiasaintsika.

Ny fikajiana sy ny fiarovana ny tontolo iainana dia sady manatsara ireo roy voahary no sady miantoka ihany koa ny fampandrosoana maharitra ho an'ity tanintsika ity sy ny mponina rehetra eo aminy.

Koa manainga antsika tsirairay avy mba ho samy ho olom-pirenena tompon'andraikitra, mahafantatra ny vokatry ny fihetsika atao.

Raiso ary ny andraikitra tandrify antsika tsirairay avy mba hiarovana ny zavaboahary fa sady soa ho antsika ireo no tombony ho an'ny taranaka ho avy ihany koa.



Zo Andriambalohery
Service Education



ANDRIAMIARANA Mbolatiana
(MBOLA NAMANA)
FILOHAN'NY FIANTSO FAMPANDROSOANA AN'I MADAGASIKARA
(FIFAMA)

MPIKABARY – MPANORATRA
MPANENTANA - MPAMPIANATRA



FIANTSO FAMPANDROSOANA
AN'I
MADAGASIKARA



Ho toy ny rano ambody vondrona ny firarianstoa irian'ny tenako ho an'ny olom-pirenena tsihankanavaka, amin'ny alalan'ity gazety boky «sitrano ny tontolo» ity: ka ririnina alofan'ny maitso, lohataona hangitsihitsy ary fahavaratra hovangian-kavana.

Toy ny ranomasim-be tsy hita fetra ny taona diavintsika, bentika manonja, indraika mitony, ary toy ny sambokely mitety onja ny nofo aman-drantsika, ao ny tafita ary ao ny rendrika.

Arahabaina izay velon'aina ka tratr'izao taona faha dimy nivoahan'ny gazety boky «sitrano ny tontolo» izao. Taona hitondra fihavaozana ho an'ny rehetra anie, efa lasa ny zavatra taloha, indro efa mihavao ireo, meteza hihavao ka SITRANO NY TONTOLO

TENY/TANY

Noho ny tany lasan'ny vahiny : izay manalasala tahaka ny sahafa ka ny lamosiny indray no mibontsina, ary noho ny teny malagasy tsy madio intsony fa vangavanga :TOA TENY BE VOANAHIDRATSY , izay manalasala ihany koa tahaka ny ranjo ka ny kibony indray no aorina. dia niteny ny TANY ary namaly ny TENY ; Dia sanatria ve mety haniry nify koa ny akoho, ka hanakalo ny ribany amin'ireo vahiny, sy ny SOA TOAVINA maha malagasy azy ny malagasy ? Atsipy ny tady an-tandroky ny omby, atsipy ny teny ampon'ny mahalala.

KOA OMBAY MITSIMPONA, OMBAY MITADY, FA AZA AVELA HO VERY NY MAHA-MALAGASY ANAO.

TENY: Misy HASINA ny Teny..... misy HASINY

TANY: Misy tompony ny TANY.... misy TOMPONY

TENY: Fa inona no HASIN'NY TENY?... Misy HASINY

TANY: iza no tompon'ny TANY?... Misy TOMPONY

“MISY HASINY NY TENY- MISY TOMPONY NY TANY”

TANY: Izahay leiroa no antson'ny fitenenanareo hoe: “Ny hazo no vanon-ko lakana, TANY naniriany no tsara; ny katsaka no nanao baby telo, ny TANY naniriany no lonaka.

Hiriariavan'ny velona izahay,

Ary hitsilanesany raha maty.

Tany manan-tompo toy ny faniry mihaja

ka tsy kobanim-boron-tsy zatra

TENY:TANY...TANY.... Tsy voatery izany,

Raha tsy tao ny TENY, nanononana azy ireny

Mandrora mitsilany izay tsy tia ny TENY,

Ka hahavao tena

Ka aza mihenahena, fa mitenena, mitenena

Ianareo be tsy miteny, sady mpamadika rahatrizay

MANA-KASINA NY TENY

TANY: taiza moa ny TENY no afaka hiaina

Raha tsy teo ny TANY?

Moa ho nisy izany?

Koa aza miampanga tena toy ny sarim-bavy manao beso e!

Sao ho lasan-ko lelany fotsiny tahaka ny bangaridana.

TANY: Ontsa ahy izato ianao?

Aoka Raondriana a!

Maneso ve ianao sa mandatsa?

Moa va tsy ny lemilemin-dradity

No nahafaty an-dravorona,

Moa tsy ny fahaizanao mandahatra,

Nanao safo-sioka nampandry adrisa,

No nahazoan'ny mpihavy ahy?

TANY: Ianao izany anie Rateny,

Tao faly mandesoka ahy fotsiny e!

Nefa ianao indrindra no solafaka omen-tehina

Ary mandringa omen-kiraro.

Tsy zoviana amiko, fa maro karazana ianao eto

Amin'ity izao tontolo izao ity,

Saingy toa valalan'amboa ihany ianao ETO

Ka na ny tompony mampiasa azy aza toa tsy tia;

Raha manidina mantsy izato ianao,

Toa voahangy hiraraka;

Nony atonina hay maimbo mampandositra!

Teny frantsay, faran'ny tsy hay aho e!...

Anglisy, metisy e!.....NTSSSS!

TENY: NTS! Ontsa anao aho Ratany!

Fa nomena anao ny vatosoa sy volamena, sesehena;

Ny fahalalana miampy fahendrena.

Ny zava-maniry sy ny biby maro samihafa,

Ny nofonao dia isan'ny mahavokatra indrindra

Ary ny toer'andro sy ny toe-tany dia ny vitsy mpanana;

Kanefa toa farihibe maty mamba izato ianao

TENY: AN-GA-MBA

Kanefa ny hazo no tapaka anie,

Ny ratsany no niandany tamin'ny famaky e!

Ary angaha moa ianao Ratany,

Voly tsy misy kiady,

No manjary ho voahitsakitsaky ny mpandalo sy mpihavy

Kijàna nilaozan'ombalahy,

Sa tendrobohitra tsy manam-bato?

Ny kiraro no tsy nanaikitra,

Moa tsy TENY ierana avy amin'ny tongotra?

Ny satroka no tsy notsofin'ny rivotra,

Moa tsy TENY ierana avy amin'ny loha?

Tsy misy miampatra tahaka ny tany, hoy aho,

Fa rehefa tsy miteny hitsakitsahin'ny sasany!

TENY: Vokatry ny fandrosoana nateraky ny TANY izany e!

Ianao tsy mahavita tena fa tsy maintsy mba

Mifandray amin'ny hafa.

Ianao rahateo anie Nosy e!

Mbola hitohy....

Migrations des oiseaux et le changement climatique

On observe actuellement un réchauffement global du climat, causé par des rejets croissants de gaz à effet de serre, du fait des activités humaines. En Europe, le climat méditerranéen gagne du terrain au sud de la région tempérée, laquelle empiète désormais sur la zone du climat boréal, au rythme de 160 km par degré Celsius supplémentaire.

Des changements d'une telle ampleur et dans un laps de temps aussi court influent déjà sur la répartition de certaines espèces d'oiseaux. Le réchauffement climatique a une influence sur la biologie des oiseaux migrateurs. En effet, certains oiseaux migrateurs reviennent de plus en plus tôt et repartent parfois plus tard, voire changent complètement leurs habitudes : ils écourtent leur migration en faisant l'impasse sur la traversée du Sahara et hivernent sur le pourtour méditerranéen ou le long des côtes atlantiques. Certains migrateurs transsahariens, comme la cigogne blanche, le milan noir, l'échasse blanche, la guifette moustac et même parfois les hirondelles, commencent à hiverner en petit nombre en France.

D'autres, comme l'oie cendrée, qui ne faisaient que passer entre l'Europe boréale et l'Afrique tropicale, s'arrêtent désormais en France et en Espagne. Probablement suite au réchauffement de la planète, des espèces comme le pouillot véloce ou la fauvette à tête noire commencent-elles à hiverner de plus en plus souvent sous nos latitudes.

Elles peuvent devenir sédentaires ! Le gobemouche noir, oiseau migrateur au long cours, ne bénéficie pas des avantages du réchauffement : cet oiseau ne remonte du fin fond de l'Afrique que sous l'effet de son horloge interne et arrive souvent trop tard par rapport au pic d'émergence des chenilles dont il se nourrit, lequel est avancé du fait des températures plus douces. Il se produit alors un décalage entre la présence maximale des insectes et la période de nourrissage des petits. D'où un stress physiologique, une faiblesse plus grande vis-à-vis des prédateurs et une mortalité accrue de ce migrateur. Par contre, le réchauffement peut profiter aux espèces non migratrices : merles et rouge gorges seraient favorisés, avec un démarrage de la reproduction plus précoce qui permettrait plusieurs nichées ou, du moins, un meilleur succès dans l'élevage des jeunes.

Des hivers plus chauds feront aussi probablement décroître le nombre d'espèces d'oiseaux migrateurs de longue distance en Europe centrale, estiment les chercheurs. Le comportement migratoire des oiseaux se modifiera probablement aussi en quelques générations.

Parmi des oiseaux migrateurs



cigogne blanche




oie cendrée




fauvette à tête noire



échasse blanche



gobemouche noir



milan noir




guifette moustac




hirondelle

Parmi des oiseaux non migrateurs



merles



rouge gorges

FLORE

Fougères arborescentes



Les Ptéridophytes ou fougères sont des espèces très anciennes qui sont apparues à la fin de l'ère tertiaire. Certaines fougères sont arborescentes avec un tronc dont la longueur et l'épaisseur dépendent de l'âge de l'individu. Un individu met des siècles pour atteindre la dimension qui permet d'utiliser son tronc pour fabriquer un pot à fleurs. Les fougères arborescentes ont la forme d'un palmier avec de longues feuilles pennées appelées frondes. Elles ne se multiplient pas d'une manière végétative, c'est à dire qu'on ne peut pas obtenir une fougère arborescente en replantant un morceau de tronc coupé. De même la souche de fougère ne donne pas des rejets pour se multiplier. Comme toutes les autres fougères, elles se produisent à partir de spores (petits grains minuscules souvent situés derrière la fronde).



Rija Rabe

Libellule



FAUNE

En langue française, le terme de libellule est en général employé au sens large pour désigner les odonates.

Les odonates (Odonata), ou odonatoptères, sont un ordre d'insectes à corps allongé, dotés de deux paires d'ailes membraneuses généralement transparentes, et dont les yeux composés et généralement volumineux leur permettent de chasser efficacement leurs proies. Ils sont aquatiques à l'état larvaire et terrestres à l'état adulte. Ce sont des prédateurs, que l'on peut rencontrer occasionnellement dans tout type de milieu naturel, mais qui se retrouvent plus fréquemment aux abords des zones d'eau douce à saumâtre, stagnante à faiblement courante, dont ils ont besoin pour se reproduire.

Rija Rabe

Vahinin'ny «Sitrano ny Tontolo» amin'ity andiany faha-19 ity i Niry avy ao amin'ny tarika Iraimbilanja sy i Label. Izy ireo dia samy efa nitondra ny anjara birikiny avy teo amin'ny sehatry ny Tontolo lainana, ary koa naneho ny fahavononany amin'ny hetsika Sitrano ny Tontolo an-tsehatra izay kasain'ny Minisitera hatao ato ho ato.

NIRY (TARIKA IRAIMBILANJA)



SITRANO NY TONTOLO : Inona no azonao ambara mahakasika ny Tontolo lainana eto Madagasikara ?

NIRY IRAIMBILANJA : NY harena anantsika, « ny VOAHAHARY », betsaka ny zavatra tsy hita raha tsy eto Madagasikara, nefa ny olana dia tsy haintsika Malagasy ny manome lanja ireo harena sarobidy ireo. Baranahany ny fitantanana ireo harena ireo, ny mahatalanjona dia ireo vahiny avy any ivelany indray no manome lanja ka mirotsaka an-tsehatra miaro izany voahary tsy mana-paharoa misy eto Madagasikara izany. Ny tombotsoa amin'ny fananana ireo harena « voahary » ireo mihitsy no tsapako fa tsy dia fantatry ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy ka mahatonga azy ireo tsy ho sarotiny amin'ny fiarovana, fanarenana ary fikajiana ny Tontolo lainana.

SITRANO NY TONTOLO : Raha izany no fahitan'i NIRY ny zava-misy, inona ary no tokony hatao ?

NIRY IRAIMBILANJA : Amiko manokana dia miainga avy eny ifotony ny andraikitra tokony horaisina, izany hoe ampianarina ny isan'ambaratongan'ny vahoaka Malagasy (Ankizy kely, Tanora, ny Olon-dehibe) ny maha zava-dehibe ny « Voahary ». Tokony hampidirina ao anatin'ny paika'adim-pampianarana misy eto Madagasikara ny fiarovana sy fanarenana ary fampahafantarana ny zava-tsoa aterak'ireo harena ireo.



SITRANO NY TONTOLO : Amin'ny maha olom-pirenena anao, misy hetsika efa nataonao manokana ve momba ny fikajiana ny Tontolo lainana ?

NIRY IRAIMBILANJA : Amin'ny maha mpanakato ahy manokana dia tena betsaka ny hetsika natao hiarovana ny Tontolo lanana eto amin-tsika, teo ny hira izay noforonina manokana ka nentin'ny Tarika hanentanana ny vahoaka Malagasy amin'ny maha zava-dehibe « ny Voahary » ka tokony hajaina, kajiana ary tokony hisy ny hasarotampiaro amin'izy ireny.

Amin'ny maha olon-tsotra ahy indray dia efa nandray anjara ny tenako tamin'ny fambolen-kazo, eo ihany koa ny fampianarana ireo zandry zanaka ny amin'ny fomba hampiroboroboana ny fambolena. Izany no natao dia ny mba ahafantarany ireo ny hakanton'ny tontolo iainana sy hikajiana an'i Madagasikara.



SITRANO NY TONTOLO : Misy vaovaon'ny tarika tianao hifampizarana amin'ny mpamaky ve ?

NIRY IRAIMBILANJA : Amin'izao aloha dia mbola eo am-pikarakarana ny raki-kira aloha izahay. Mikasika ny hetsika indray dia manao « cabaret » izao no tena ilofosan'ny tarika. Koa ny 28 Marsa ho avy izao dia ao amin'ny Samara no hanao izany, ary any Antsirabe sy Toamasina ny sasany.

SITRANO NY TONTOLO : Inona ny hafatra farany apetrakao ho an'ny mpamaky antsika ?

NIRY IRAIMBILANJA : Mahaiza mankafy ny manodidina anao ary kajio sy harena ny Tontolo lainana satria miantoka ny fahavelomantsika io.



LABEL: LA REINE DE LATINO TROPICAL ANDRISOA LALA FLEURYSS MONICA

Sitrano ny Tontolo : Misaotra anao nanaiky nivahiny teto amin'ny « Sitrano ny Tontolo », Inona no azonao ambara mahakasika ny Tontolo lainana eto Madagasikara ?

Label : Raha ny tontolo lainana no resahina dia manan-karena i Madagasikara amin'ny zava-manan'aina rehetra na ambony tany na ambony tany na anaty rano (rano mamy , rano masina). Ny mampalahelo anefa dia potika sy simba izy ireny. Zaraiko roa ny fomba fijeriko mahakasika io fahasimban'ny Tontolo lainana io. Ny iray voalohany dia ny ety an-tanan-dehibe, maloto ny rivotra, misy ireo aretina maro isan-karazany (Gripa, Sery) izay vokatriny fanotoana sy ny tsy fikajiana ny tontolo iainana amin'ny fiainana andavan-andro ary ny fako izay tsy voafehy. Faharoa dia ny eny ambanivolo, vokatriny fahapotehan'ny ala, dorotanety, tevy ala dia misy vokadratsy amin'ny fiainan'ny mponina monina ao aminy izany.

Sitrano ny Tontolo : Raha izany no zava-misy, inona no tokony hatao ?

Label : Amiko manokana dia ny fandraisan'andraikitriny tsirairay ihany no vahaolana hitako fa haingana amin'ny ady amin'ny fanimbana ny tontolo iainana, izany hoe manomboka any amin'ny farany izay kely indrindra ka hatrany amin'ny mpi-tondra fanjakana ambony (Ankizy,tanora, Lehibe ary mpitondra fanjakana)no miara misalahy amin'izay tandrify azy tsirairay ny amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fanarenana ny Tontolo lainana.

Sitrano ny Tontolo : amin'ny maha olom-pirenena anao , efa nisy hetsika ve nataonao manokana amin'ny fikajiana ny tontolo ianana ?

Label : Marihiko aloha amin'ny maha mpanakato ahy dia efa nisy ny adidy lehibe noraisiko amin'ny fanentanana an-kira ny vahoaka Malagasy ny amin'ny fikajiana ny tontolo iainana, eo ihany koa ny fandraisana anjara tamin'ireny fambolen-kazo ireny na teo anivon'ny fiaraha-monina(fianakaviana) na teo anivon'ny sekoly nianarana fahiny.

Sitrano ny Tontolo : Misy vaovao ny tarika tianao hifampizarana amin'ny mpamaky antsika ve ?

Label : Ny vaovao aloha dia tena misy ary mety tsy ho voatanisa eto izy rehetra, fa ny zava-dehibe dia nivoaka tamin'ny volana novambra 2013 ny raki-kira mitondra ny lohateny hoe ALLUME SWINGUER. Ny Taona 2014 dia misokatra amin'ny sehatrin'ny fampisehoana ho an'ny daholobe ny tarika. Tiako koa ny mampahafantatra antsika mpamaky fa efa nivoaka any amin'ny haino aman-jery ny hira mitondra ny lohateny hoe : MBA IZA, izay mivohy ny resaka tontolo ianana sy ny harena misy eto Madagasikara

Kanjic / Tokiniaina



Sitrano ny Tontolo : Ny hafatra farany apetrakao ho an'ny mpamaky antsika ?

Label : Eto dia mbola haveriko ny fanentanana ary tsy ho raka sy tsy ho kivy amin'izany ny tenako ; miangavy ny fiaraha mientan'ny daholo-be amin'ny fiarovana manokana ny tontolo ianana satria maro no tombotsoa mivantana na tsia ny amin'ny hoe tontolo ianana madio sy mirindra ary maha tehonina. Dia Misaotra ny sitrano ny tontolo amin'ny fiara-miasa.

LES BIENFAITS ET VERTUS DU GINGEMBRE

Le gingembre est une plante de la famille des Zingibéracées, qui est de la famille de Curcuma, Plante originaire de Malaisie et Inde où il est l'une des plantes médicinales principales de la médecine Ayurveda indienne, qui est l'une des plus anciennes médecine au monde. Il est produit et cultivé dans des zones tropicales, en grande parties Inde, Chine, Indonésie, Madagascar. On trouve peu de gingembre à l'état sauvage. Le gingembre est surtout connu pour ses vertus aphrodisiaques, mais ce n'est pas son unique vertu, loin s'en faut. En Asie, le gingembre est considéré comme soignant pratiquement tout ! En voici, quelques exemples avérés.

Les sept bienfaits du gingembre sur la santé sont :

1- Nausées et vomissements, mal des transports.

Le gingembre est très efficace pour soulager les nausées, il est d'ailleurs couramment utilisé en Asie par les femmes enceintes, d'ailleurs il a récemment été cité par l'OMS (Organisation Mondiale de la Santé) pour son intérêt contre les nausées de la femme enceinte. Il est également très efficace contre le mal des transports. C'est par son action sédative sur la muqueuse de l'estomac que le gingembre est efficace pour réduire les nausées, les vomissements et autres désagréments gastriques, comme les flatulences.

La Nasa a inclus du gingembre dans la pharmacie de bord des équipages. En effet, cela leur sert pour calmer leur état nauséux sans effets secondaires tels que la somnolence, leur évitant ainsi de s'endormir aux commandes de la navette !!

2- Digestion.

Le gingembre est également préconisé en cas de digestion difficile grâce à ses enzymes. Il est anti-spasmodique, à utiliser dès les premières douleurs ou en cas de gaz intestinaux.

3- Antioxydant, anti-inflammatoire.

Une autre vertu du gingembre peu connue est son pouvoir anti-oxydant. En effet, le gingembre possède plus de 40 composants luttant contre les radicaux libres. Il est donc intéressant à consommer à titre préventif contre les maladies cardio-vasculaires, certains cancers et le vieillissement cellulaire. Selon certain spécialiste en médecin phytothérapeute, le gingembre, en empêchant la formation de prostaglandines, les hormones qui sont à l'origine du processus inflammatoire, est efficace pour aider à diminuer les douleurs liées aux rhumatismes et également les maux de tête.

4- Tonique, énergisant et stimulant

Le gingembre est très recommandé pour redonner du tonus car il est bourré de composants énergisants et stimulants. C'est pourquoi, la décoction de gingembre est à consommer dès le moindre de coup de fatigue.

5- Antiseptique.

Le gingembre a également des vertus antiseptiques reconnues.

6- Cholestérol/ triglycérides.

Le gingembre est recommandé pour faire baisser le taux de cholestérol ainsi que celui de triglycérides.

7- Toux, rhume.

Le gingembre est efficace en cas de toux et de rhume. A cette occasion, vous pouvez boire cette décoction (dans une théière, mettez environ 2 cuillères à soupe de gingembre frais coupé en dés ou en tranches, Versez dessus le jus de 2 citrons jaunes, puis 3 cuillères à soupe de miel. Ajoutez-y un sachet de thé vert ou de tisane légère, Versez ensuite l'eau bouillante, laissez infuser. Si vous la préparez le matin, vous pouvez en boire tout au long de la journée).

Et Actuellement le Gingembre fait l'objet de différentes études notamment pour ses possibles vertus anti cancer



gingembre



poudre de gingembre séché



confit de gingembre



décoction de gingembre

source : <http://mr-ginseng.com>



Mbola tsy fongotra ny doron-tanety e! izahay eto amin'ny Dago maitso dia tsy sasatra ny mampahatsiahy fa fihetsika manimba ny tontolo iainana ny fandroana tanety. Ndeha harahintsika ny tafan'izy mirahalahy



FA MANDORO TANETY AHOANA E!
TANIKO ANIE IO DORAKO IO E!
MAINA NY TANY SADY MANIRY BE NY
BOZAKA KA METY TSY HO VITA NY
HIASA AZY; IZAO IZY MBA VETIVETY
DIA VITA! SADY RAHA VAO MILATSAKA
EO NY ORANA TONGA DIA MANIRY
NY BOZAKA, MISO HIRAOFAN'NY OMBY



FA MANIMBA TANY AHOANA? HAMBOLEKO ANIE IO E!



DIVERTISSEMENTS

MOT CROISE

	1	2	3	4	5	6	7	8	9	10	11	12
1												
2		■					■					
3									■			
4							■					
5						■						
6				■							■	
7		■						■				■
8				■						■		
9			■		■							
10							■		■			
11						■						
12							■					

Horizontal

1. Comprennent plusieurs épaisseurs
2. Fleuve d'Italie. Rainura
3. Tricheraï. Chef-lieu de canton du Var
4. Détendu. Lac d'Irlande du Nord
5. Doubla de coton à pansements. Diminution
6. Forces françaises de l'intérieur. Maréchal de France (1765-1818)
7. Marquai. Volcan actif du Japon
8. Chef sudiste pendant la guerre de Sécession. Détecteur de poissons. C'est-à-dire
9. A moitié. Prélevons le zeste
10. Publiai. Insecticide
11. Chef-lieu d'arrondissement de Lot-et-Garonne. Relatif à l'aile
12. Chanteur français (la Mer). Général et homme politique portugais (1935 -)

Vertical

1. Copient
2. Lente. Canard
3. Ville du Québec. Colère
4. Sélectionnât. Organisation du traité de l'Atlantique Nord
5. Faux. Point gagnant
6. Fille de Déméter. Philosophe chinois (VIe – Ve s. av. J.-C.)
7. Femelle du daim
8. Pisser. Hospice
9. Cela. Théologien et philosophe allemand (1260 – vers 1328). Arrosee Gravelines
10. Montrent un grand contentement. Dieu de la Guerre et du Savoir
11. Ville du Nigeria. Frictionner
12. Connaisses. intentes

TONONKALO

SAROBJDY NY ALA

Arovy ny ala ry zareo!

Fa maro ireo mpisompatra mampitoreo

Mandorondoro tsy mihambakamba

Jreo fakavalo tsy mihanakana!

Tsy voatanisa anefa raha ny voña-tsoa avy amin'ny ala

Ary isika rehetra dia miha an'izany hiaraha-mahalala

Harena sarobidy loatra izy ity , tena hanto tokoa

He ireto fanaka kita eny an-tsena , avy aminy hooa!!

Koa maninona re no avela ho simbàna toy izao izy ireo?

Ndao re hiaro azy amin'ny fomba rehetra sao lahy tara eo!

Mba mandraisa andraikitra tandrify azy avy ny tsirairay

Mba tsy hisy intsony ny fanimbàna ny ala natao hatrizay

ANDRJAMANANTENA Voakangy H.